Rajoelina sy ny isa 3 2
**Mifanipaka amin'ny finoana ilay 3 izay 1 ny politikany**

Kandidà vazaha 3
**Toa efa manomboka ho very tadidy Rajoelina**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 10 oktobra 2023 Laharana 1481 Vidiny : 600 Ar


Diaspora any Frantsa, Etazonia, Belgique 6
**Manameloka ny hetra-ketraky ny mpitandro filaminana sasany**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Vondron'ny kandidà 11 teny Itaosy 2
## Na inon-kidona, na inon-kihàtra, mitohy hatrany ny hetsika




Filohan'ny Parlemanta eto amintsika 2
## Manameloka ny herisetra niniana natao, mitaky fitoniana




Serasera sy kolontsaina 2
## Lasa tsy ho tafaverina toa an-dRajoelina koa ny ministra Lalatiana



SMM 3
## Tsy fitaovana fanaovana ramatahora ny rafi-pitsarana



**Faritra Menabe** 6
Manao ny ataony ny dahalo, tsy ampy ny mpitandro filaminana

**Ny Valosoa sy mahasoa** 5
Ny soa azo avy amin'ny soflera (choux fleurs)

**Daka kely**
Miseho mahay soratra masina ialahy ry Boaikely, nefa tsy sahy niniana tamin'ny Baiboly a !

VONDRON'NY KANDIDÀ 11 TENY ITAOSY

# Na inon-kidona, na inon-kihàtra, mitohy hatrany ny hetsika

Nitohy teny Itaosy Antananarivo Atsimondrano indray, ny hetsika am-pilaminana nataon'ny vondron'ireo kandidà miisa 11 omaly. Maro dia maro tokoa ireo mpanara-dia azy ireo nandritra izany. Na nisy aza ny naratra ny sabotsy teo, toy ny kandidà filoha Marc Ravalomanana, tonga nanatevina ny hetsika ny tenany. Nisongadina nandritra izany, fa na inon-kidona, na inon-kihàtra, mitohy hatrany ny hetsika ataon'izy ireo mandra-pivalin'ny fitakiana: dia ny tsy famelana ny kandidà Vazaha Andry Rajoelina hirotsaka, ny fitakiana ny fifidianana madio sy mangarahara ka hovana ny HCC sy ny CENI, havoaka ireo olona voasambotra noho ny hetsika am-pilaminana toa ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, sy ny hafa,… Nanambara ihany koa ireo mpitarika nandritra izany fa:"miantso antsika Malagasy rehetra izahay Collectif des candidats, fa mitohy ny tolona ho fampanjakàna ny tany tan-dalàna, ao anatin'ny fanajana tanteraka ny soatoavina maha Malagasy dia ny Firaisankina. Sahia-Mijoroa, hombantsika mandrakariva anie Andriamanitra." Tao aorian'ny teny Itaosy-Unis, nihaona tamin'ny masoivohon'i Afrika Atsimo ireo kandidà. Nanatitra ny kandidà Andry Raobelina lasa any an-dafy avy eo, lasa nanohy fitsaboana any ivelany ny kandidà Raobelina Andry, tohin'ilay ratra nahazo azy teo amin'ny masony izay lasa lalindalina. Nanamafy tamin'ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety izy ireo ny hariva, fa mitohy ny tolona.




*Ny sasany amin'ireo kandidà 11 teny Itaosy omaly.*

**Niaina**

Filohan'ny Parlemanta eto amintsika

# Manameloka ny herisetra niniana natao, mitaky fitoniana

Nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety ny faran'ny herinandro teo, ireo filohan'ny Parlemanta eto amintsika dia ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa, sy ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa, samy nanambara izy ireo fa mila fitoniana ny firenena, ka manameloka ny herisetra niniana natao. Manameloka ny herisetra izay atao fanahy iniana handratrana olona izy ireo, tany mandala ny demokrasia sy ny zon'olombelona ny tanintsika. Manaraka izay dia tokony harahana antsakany sy andavany ny lalampanorenana. Sarotra amintsika ny hiroso amin'ny fifidianana raha mitohy izao hetsika izao. Tsy tsara ny fitazonana maharitra toy ireny olona voasambotra eny amin'ny tobin'ny zandarmaria ireny ary tokony havoaka izy ireny, mba hisian'ny fitoniana. Raha momba ny filohan'ny Antenimierandoholona manokana, nambara izy fa efa nivonona an-taonany maro ny handray ny toeran'ny président par interim, nefa noho ny antony izay tsy miankina aminy tanteraka dia izao no zava-mitranga. Tsy miamboho adidy izany mihintsy aho hoy izy. Ho an'ny filohan'ny Antenimierampirenena, nanamafy izy fa tsy mila mina ny firenena, ilaina ny fifandeferana sy ny fifampidinihana hoy izy.





*Ireo filohan'Andrimpanjakana roa, mpanao lalàna eto amintsika.*

**Isambilo**

Rajoelina sy ny isa 3

# Mifanipaka tanteraka amin'ny finoana ilay 3 izay 1 ny politikany

3 no navoakan'ny antsapaka ho laharan'Ingahy Filoha teo aloha Rajoelina ao anatin'ny bileta tokana dia midehaka ery ny anao lahy milaza fa ''Ray, Zanaka, Fanahy masina ''hono ny dikan'ilay 3.

Mampe araky ny fiteninjatovo ilay fomba fijery misavika sy misoloky izay efa notoherina, satria ny fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina dia mifanipaka tanteraka amin'ny finoana ilay telo izay iray, nanomboka tamin'ny fandorana tanàna tamin'ny taona 2009 izany, nitohy tamin'ny hoso-pifidianana tamin'ny 2018, afatsy ireo fandrobana ny harempirenena amin'ny endriny samihafa, ny fanaparampahefana amin'ny olo-marina, raha hotanisaina manontolo eto dia tsy ho ampy ny takila valo fa ny azo ambara dia manampahasahiana tanteraka Ingahy Filoha teo aloha mitanisa ny tsy tokony tononina.

Ireto avy no azo lazaina tsy ampisalasalana mikasika an'Ingahy Rajoelina sy ny tarehimarika 3:

- ny Hcc hamoaka didy tsy azo ivalozana ,ny Ceni ampiasa ny lisitra feno hosoka, ny Governemanta peta-toko hampiasa ny fitaovampanjakana sy hanery ireo mpiasampanjakana hanao ny tsy fanao, ireo no telo ianteherany amin'ny fifidianana.
- ny 3 hafa indray dia ny''Basy, Vola, Fonja'', raha hazavaina tsotsotra mikasika ireo 3 voalaza ireo dia ampiasaina ny vola ividianana ireo mpanao asa tsy mendrika, rahonana amin'ny basy izay mitaky fahamarinana ary ampitahorina fonja izay sahy mijoro, ireo 3 voalaza ireo no itazonana ny fahefana.
- ny 3 manaraka indray dia ireto avy, ny famafazana lainga tafiditra ao anatin'izany ny fandokafan-tena sy ny fanasoketana ny mpifanandrina , ny fampahantrana vahoaka ka rehefa vizana dia azo jonoina amin'ny vola kely, ary ny tsy azo adinoina dia ny fampirevena ireo marivo salosana, araraotina ny tsy fahampiana fialamboly sy tsy fananana vola hijerena lanonana dia badoina amin'ny fety bôjo sy fanatanjahantena baombina, ny tanora no tena jonoina.

Ireo voalaza ireo no ahafahana manaporofo fa mifanalavitra tanteraka amin'ny resaka '' Ray, Zanaka, Fanahy masina''nyataon-dRajoelina sy ny forongony.

**Ny Valosoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Serasera sy kolontsaina

# Lasa tsy ho tafaverina toa an-dRajoelina koa ny ministra Lalatiana

Nametra-pialana omaly koa ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy, nanao veloma ireo mpiara-miasa aminy tetsy amin'ny Tranombokimpirenena Ampefiloha izy omaly io, nandritra ny fampakaran-tsainan'ny ministera. Arak'izany, lasa tsy ho tafaverina eo amin'ny fitondrana toa an-dRajoelina koa ity ministra nametra-pialana ity. Ny antony nametrahany fialana dia ny hanao fampielezan-kevitra ho an'ny kandidà Rajoelina. Ny ministra Edgar Razafindravahy koa tany Antsirabe ny sabotsy teo dia nilaza fa hanohana ny kandidà Rajoelina, noho izany tokony hametra-pialana koa ity ministry ny indostria sy ny varotra amin'izao fotoana izao ity. Ary tsy tsy izy ireo ihany no tokony hametra-pialana hoy ny mpanakanto sady depiote: Rossy, fa ny governemanta Ntsay Christian iray manontolo mihitsy, satria "tsy norma" hoy izy ny maha filoha mpiara-mitantana ny firenena azy ireo amin'izao fotoana.

### Mampihàtra fomba ratsy

Mahakasika an'izay, manao sy mampihàtra ny fomba ratsy nataon'i Andry Rajoelina tamin'ny fotoana nandrobany sy nibodoany ny fahefana tamin'ny taona 2009 koa i Ntsay Christian sy ny governemanta izay tarihany tato anatin'ny andro maromaro izao. Tsy misy valaka mihitsy amin'ny nataony toy ny fampiharana herisetra ireo rehetra izay manohitra sy manohintohina azy ary nandroba fahefana ihany koa, mba tsy ilazana hoe mpanongampanjakana koa ny governemanta Ntsay Christian. Dia iaraha-mahita ny nataon'ireo tafi-panjakana eo am-pelatanany sy ataony fitaovana amin'izay tiany anaovana azy rehetra hamoretana ny mitaky ny famerenana ny tany tan-dalàna sy ny fahamarinana. Dia ireny nisy fisamborana sy fandratrana olom-pirenena sy kandidà ireny no nataony. Nampanjakaina ny fomba ratsy mamohehitra manosihosy ny fahalalahana maneho hevitra ankalalahana momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana izao. Tsy tahotra sy henatra mihitsy izy ao anatin'izany, dia io indray koa miseho vatana amin'izany amin'ny fandraràna ny fampahafantarana am-panajàna nataon'ireo solombavambahoaka voafidy teto an-drenivohitra anatin'ny boriborintany enina izay nikasa hanao tatitra amin'ny vahoakan'Antananarivo teo amin'ny kianjan'ny 13 mey ny sabotsy teo. Manana zo amin'izany ireo depiote ireo ary tokony hanao izany mihitsy sy tsy mila manao fangatahana, fa noraràn'ny prefektiora indray izay atao fitaovana ihany koa fa tsy manana ny maha izy azy.

### Tsy mba mahalala menatra

Tsy atao hahagaga ny fihetsik'ireto mihazom-pahefana ireto, satria miharihary fa mbola ao ambadik'izy ireo i Andry Rajoelina, izay tadiavina atao letrezana fotsiny ny ampidirana azy ho kandidà sy hirotsa-kofidiana indray sy holaniana mihitsy. Tsy misy mihitsy ny henatra ao anatin'izany, toa manamarina ny tenin'ny Baiboly hoe "ny tsy marina tsy mba mahalala henatra". Manambara zavatra be dia be izany ary manampy fanazavana ny saina hamaritra tsara ny zava-misy eto amin'ny firenena. Mihevitra ve ny Praiministra Ntsay Christian sy ny forongony, fa izao ataony izao no hahafahana mizotra ara-dalàna mankany amin'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra. Izy ireo anefa tsy ao anaty fanajàna ny lalàna, ary manaporofo izany isan'andro ireo mpahay lalàna sy olom-pirenena na ireo kandidà mivondrona. Ao anaty tany tsy tan-dalàna i Madagasikara amin'izao fotoana izao, hoy ny mpamakafaka politika mitaky ny fampiharana ny lalàna sy ny tany tan-dalàna. Raha efa ratsy no mikarakara zavatra, azo inoana ve fa hamoaka zavatra tsara? Tsia no valiny. Mikononkonona mafy manao amin'ny fomba rehetra izay hahatratrarany ny tanjony ireo vondron'olom-bitsy ireo, izay toy ny "mafià" mihitsy, hanageja ny Malagasy tsy ho afa-mihetsika. Ataony avokoa izay azony atao rehetra na efa mibirioka tanteraka aza sy mifanohitra amin'ny soatoavina malagasy sy ny fanajàna ny fiandrianam-pirenena. Fivarotan-tanindrazana tsotra izao amin'ny Frantsay no kasain'izy ireo atao, ka ho lasa ambongadiny ity firenena ity. Tsy azo ekena velively izany ary toherin'ny Malagasy tia tanindrazana sy saropiaro amin'ity firenena ity.

**Sôh'son**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Kandidà vazaha

# Toa efa manomboka ho very tadidy Rajoelina

Mihevitra ny tenany mbola ho filohan'ny Repoblika ihany i Andry Nirina Rajoelina, ka manao vava tsy ambina sy mihantsy ady amin'ny vahoaka Malagasy izay nampahantrainy sy nanaovany kobaka am-bava hihinana ny IEM'ny. Ilay zandary « mahery fo » nilomano roa andro sy roa alina kanefa tsy maty fo aman'aina, sy nampiakarina miravaka kintana efatra no mbola mandray baiko avy amin'ny vazaha, ka mamporisika ireo « sonegaly » eo ambany fifehezany hampiasa hery amin'ireo mpanao fihetsiketsehana am-pilaminana manohana ny vondron'ny kandidà ho filohampirenena iraikambinifilo. Nampitandrina ity vazaha ity fa tsy ekeny, hono, ny fanakorontanana, ny fandravana sy ny teny tsy voahevitra ary fanakanana azy tsy hofidiana. Tsy fantatra intsony na efa manomboka ho very tadidy ka tsy mahatsiaro izay noteneniny taloha ny kandidà vazaha izay niaiky am-pahibemaso fa manana valo sentimetatra (8 cm). Tsy misy tsy mahafantatra fa gasy ray, gasy reny Andry Nirina Rajoelina ary rà Malagasy no mikoriana ao anatiny, saingy izy ihany no nangataka tamin'ny nahim-pony tsy hisitraka ny zompirenena malagasy intsony ho tombotsoan'ny taranany, hono. Satria efa nametra-pialàna tsy ho filohan'ny Repoblika IV intsony Andry Nirina Rajoelina dia mitovy sady mizaka ny zom-pirenena frantsay dia tsy manan-jo nandrotsaka ny filatsahan-kofidina filoham-pirenena intsony, ka niteraka izao hetsika fanoherana izao. Tsy vitan'ny mitifitra amin'ny bala « caoutchou » sy mandatsaka baomba mandatsa-dranomaso ny zandary, fa tsy afaka mandanjalanja intsony koa ny zandary ka manao izao hadalàna rehetra izao, hatramin'ny mpividy « choux fleur » avy dia samborina. Tsy resahina ny fisamborana ny SG TIM izay olona mipetraka teo Ambohijatovo, tsy niaraka tamin'ny mpanao fihetsiketsehana akory ary hita fa reraka, mba tsy ilazana fa tsy salama loatra. Azo heverina fa fanahiniana mihitsy ny nandatsaka baomba mandatsa-dranomaso miparitaka teny amin'ny mpandrindra ny antoko HVM sy nitifirana ny kandidà Raobelina Andry. Nisy ny hetsika ny alakamisy sy ny zoma ary ny sabotsy teo, nizotra tam-pilaminana izany. Na izany na tsy izany dia feno herim-pamoretana ny tanàna. Nangataka ny hanao tatitra teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey ireo solombavambahoaka lany teno an-drenivohitra notronon'ireo avy any amin'ny Faritra kanefa nolavin'ny prefen'Antananarivo izany, fa eny amin'ny Magro Tanjombato no toerana nomeny. Rehefa atao ny tambatra dia miaro an'i Andry Nirina Rajoelina avokoa ny rafitra rehetra azo lazaina fa mbola manana fahefana ary tsy tokony hanana fironana. Tsy omena tsiny koa ireo olompirenena manakiana ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM), ka milaza fa mampiahiahy ny fanambarany. Tsy azo lavina fa nanao izay ho afany tokoa ity rafitra ara-pinoana ity tamin'ny hetsika politika teto amin'ny Firenena tamin'ny fotoan'andro. Tsara ho tsiahivina ihany fa tsy mitovy ny vanim-potoana sy ny toe-draharaha (contexte et situation) tamin'izany sy amin'izao fotoana izao. Iaraha-mahatadidy ny nihàtra tamin'ny Mpitondra Fivavahana tamin'ny taona 2009. Nanomboka tamin'io taona io tokoa dia tsy ananan'ny Malagasy intsony ilay soatoavina niainan'ny Ntaolo, ka tsy mampaninona ny mandatsa-drà ny mpiarabelona sy ny mpiray Tanindrazana. Raha ny herim-pamoretana no jerena dia tsy noho ny fahantrana no anaovany izany, fa noho ny fitiavam-bola sy fanompoana sy fiarovana olon-tokana na vondron'olona. Arak'izany dia tsy manana fahefana handray fanapahan-kevitra (pouvoir de décision) intsony ny FFKM, fa fahefana mampifandray (pouvoir de relation) sisa no hananany. Mety ho tahotra ny hiverenan'ny loza nanjoa ireo Mpitondra Fivavahana ny taona 2009 ny anton'ny nandraisan'ny FFKM izany fahefana izany. Azo ahiahiana ny fihetsiky ny fikambanana iraisam-pirenena kanefa tsy maintsy ny iraisam-pirenena foana no andrasana handamina ny fiainam-pirenena. Koa toy ny tsy faneken'ny Malagasy tia Tanindrazana rehetra ny mbola hitondran'ny vazaha frantsay ity Firenena ity, no tsy hiandrasana ny iraisam-pirenena handamina indray. Rehefa miziriziry "Izy Rehetra Miaraka Adala amin-dRajoelina" dia adidy sy andraikitry ny Malagasy no manohitra izany, tsy amin-kery na amin'ny ady an-trano fa ny fanilihana amim-pahendrena sy amim-pilaminana ny mpamadika Tanindrazana sy ny mitady hanandevo ny Malagasy indray. Raha ny fanambarana ataon'ny herivelona rehetra manerana ny Nosy manoloana izany dia tsy ho sarotra ny fanatanterahana io tanjona io.

***Andry Tsiavalona***

Raharaham-pirenena

# Hiatrika baolina an-tanimbary Rajoelina



Miedinedina ery Ra-Cedric, na ny Filoha teo aloha Andry Rajoelina, teo anoloan'ireo mpanaradia azy, fa vonona hono izy hiatrika ny fifaninanana, nambarany fa matahotra azy hono ireo mpifaninana ka mitady hevitra ny hanemorana ny fifidianana.

Tsy dia atao mahataitra loatra raha toa ka izay ny fihetsiny, satria efa mazava anie fa ireo mpikirakira ny fifidianana dia sovaliny avokoa, toy ny Hcc, Ceni , Ny Minisiteran'ny Atitany, izay efa tapakevitra amin'ny baiko midina sy ramatahora ampitaina any amin'ireo ambaratongampahefana feheziny, ireo fiaran'ny ministera efa novaina ho mainty avokoa ny famantarana azy ahafahana mampiasa azy amin'ny fampielezankevitra ary ireo mpitandro filaminana mahasahy mitandroka ny tsy mitovy hevitra amin-dRaCedric, sy vonona hiaro ny mpanao taingimbozona.

Ny baolina kitra no taranja be mpankafy indrindra eto amintsika, k'izay no antony andraisana ohatra avy amin'ity taranja ity , voaporofo tokoa izao fa dodona ery Ra-Cedric hiakatra kianja, satria tsy sahy hilalao hono ny mpifaninana aminy, tsy takatry ny sainy akory, fa ny antony tsy iakaran'ireo mpilalao 11 hafa kianja anie dia ilay lalao mihitsy no tsy ara-dalàna , satria ny kianja, ny baolina, ny mpitsara afovoany sy antsisiny roa, ny mpitsara amin'ny video, ny kaomiseran'ny lalao, ny mpitazona ny fanisan'ora dia samy azy avokoa ary izy mpilalao dia tsy ara-dalàna rahateo, satria lalao tokony hifaninanan'ny samy malagasy no atao, noho izany izy Ra-Cedric izay mpilalao efa nanary ny maha-malagasy azy dia tsy tokony ho afaka hiakatra kianja, mpitan-damba any amin'ny vestiera sy mpandroaka ny baolina mivoaka na ramasera no sahaza ny mpilalao tsy manana ''licence'' ara-dalàna.

Kanefa dia tsy miraharaha ireo voalaza ireo Ra-Cedric satria , aminy dia tsy isan'andro ny fetin'ny ankizy, tsy impiry hisy ny lalao tsy misy adversera , ka mivonona ery izy hiatrika an-dRaderanirina Sendrison Daniela, ilay adversera izay azo inoana fa zoera miloka aminy ihany.

Diso fanantenana anefa i Ra-Cedric satria ho sokajian'izao tontolo izao ho lalao tsy manankery io lalao io, rehefa tsy miakatra kianja ireo mpilalao manana ''licence'' ara-dalàna 11, fa dia dia toy ireny baolina antanimbary ireny, ka na ny baolina dakana aza baolina vorodamba .

***Ny Valosoa***

SMM

# Tsy fitaovana fanaovana ramatahora ny rafi-pitsarana

Noho ny toedraharahampirenena amin'izao, nanao fanambarana ny SMM, na ny sendikan'ny mpitsara eto Madagasikara, aza atao fitaovana anaovana ramatahora ny fitsarana hoy izy ireo:

"Manoloana ny toe-draharaha misy eto amin'ny tany sy ny firenena, ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara dia manao izao fanambarana izao :

Manantitra hatrany ny tokony hanajana ny lalàna velona eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara;

Mitaky ny fanajana ireo zo fototra rehetra voalazan' ny Lalàmpanorenana, zo izay sitrahan'ny olom-pirenena isam-batan'olona.

Mitaky ihany koa ny tsy hanaovana ny rafi-pitsarana misy ho fitaovana entina hanaovana ramatahora ary ny tsy hisian'ny tsindry na avy aiza na avy aiza, hatao amin'ireo mpitsara miandraikitra ny asany andavanandro;



*Ny filohan'ny SMM.*

Vanim-potoanan'ny fifidianana izao, izay ankatoky ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra, kanefa noho ny tranga izay miseho mialoha; olana ara-politika, dia ahiana ny hiafaran'izany olana izany manoloana ny fitsarana, koa manentana ireo mpitsara namana rehetra manerana ny Nosy mba hiery araka ny lalàna velona ary tsy hijery afa-tsy ny lalàna, ka tsy hanaiky tsindry na avy aiza na avy aiza.

Tsy misy tsy maniry fitoniana, indrindra amin'izao toe-java-misy izao, koa aoka ny olana ara- politika, alamina sy vahana ara-politika." Fanambarana izay nosoniavin'ny filohan'ny SMM, Mbitanarivo Andriantsihorisoa.

***Nangonin'i Stefa***

## TONONKALO

### Ry Bebaoty sy Bebasy !

Mpamono olona ianareo sa tena mpiaro anay vahoaka
Ry bebaoty sy bebasy nobaikoina sy navoaka ?
Raha ny azo sary mantsy dia tsy izany velively
F'ianareo no tena mpiaro ireo jiolahy sy tontakely !

Ny mpangalatra, mpandroba ireo haren'ny firenena,
Ireo indray no tsara aro raha ny sary izay jerena.
Fa ireo vahoaka tsotra no niharan'ny ankaso
Ka dia nampiasana baomba izay mandatsa-dranomaso !

Mpamono olona ianareo sa tena mpiaro anay vahoaka ?
Samy mbola eto isika k'aoka kely tsisy hitsoaka,
Fa valio an-kitsimpo ho ren'ny olona mitazana :
Mbola gasy ve 'nareo sy mbola « ho an'ny tanindrazana » ?

Raha izay sy tena izay ilay tao anaty fianianana,
Dia jereo ireo vahoaka efa ho fatin-kanoanana.
'Ndeha tadiavo izay hampisy izany tena fiadanana,
Fa i Madagasikara, firenena iaraha-manana !

***IRINA HO TAFITA (08-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**Mitaky tsy misy fepetra ny famoahana ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, ny ben'ny tanàna ao amin'ny Distrikan'Avaradrano. Nitondra ny tenin'izy ireo ny ben'ny Tanànan'Ambohitrabiby, ny pasitera Pasteur Lazasoa Rivondrabevala Rakotondranaivo.**



**Ny TIM sy ny KMMR ao amin'ny faritra Manabe, manameloka ny fanaovana herisetra tamin'ny filoha nasionalin'ny TIM Marc Ravalomanana, sy ireo kandida filohampirenena ary ireo vahoaka mpanaraka azy. Takian'izy ireo koa ny famoahana ny sekretera jeneralin'ny Rina Randriamasinoro sy ireo olona voasambotra rehetra.**



**Ny hetsika am-pilaminana, nataon'ny vondron'ny kandidà filoha 11, teny Itaosy Antananarivo Atsimondrano omaly.**














## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Tsy tian'ny mpaniratsira Izay mananatra azy, ary tsy mety manatona ny hendry Izy."*

***Ohabolana 15:12***

RUGBY FEDERAL 1 MALAGASY

# Ny Ftm Manjakaray no tompondaka 2023

Tontosa teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin' ny alahady 8 oktobra 2023 teo, ny lalao famaranana ny fifaninanana Rugby « XXL Energy Top 20 2023 », ka nifanandrinan'ny fileovana Cosfa Miaramila sy Ftm Manjakaray. Ity farany no nandrombaka ny anaramboninahitra tompondakan'i Madagasikara 2023 ary nahazo ihany koa ny lelavola 3 tapitrisa ariary rehefa nandresy ny miaramila tamin'ny isa 31 noho 27, tao anatin'ny lalao niady dia niady hatramin'ny farany. Baolina nenti-tanana niisa 3 no tongan'ny Ftm ary tsara baolina niisa 4 no tafidiny raha tsara baolina niisa 4 no tafiditry ny Cosfa ary baolina nentin-tanana



*Ftm tompondakan'i Madagasikara 2023.*

niisa 4 nandritra ny lalao manontolo. Ny ekipan'ny Cosfa miaramila no nanokatra ny isa tamin'ny baolina nenti-tanana voalohany matiny tany amin' ny minitra faha-5 ny lalao ary tany amin'ny minitra faha-23 kosa no nahatonga baolina nenti-tanana voalohany ny Ftm. Isa 21 noho 12 no nentin'ny roa tonta niala sasatra, ka nitarika ry zareo Manjakaray tamin'izany. Nanindry mafy kosa ny Cosfa nanomboka teo amin'ny fidirana faharoa ka nampiditra baolina notsaraina niisa roa (50' sy 75') ary baolina nenti-tanana roa voatsara ny iray ary tsy voatsara ny iray (61' sy 67') ary dia nitarika an'isa noho izany hatreo amin'ny dimy minitra tsy hiafaran'ny lalao. Nahatonga baolina nenti-tanana farany anefa ny Ftm tany amin'ny minitra faha-79, ka nahatonga azy ireo tany amin'ny fandresena farany. Marihana fa ny ekipan'ny 3Fb Fahasalamana nandresy ny Uscar Commune tamin'ny isa 46 noho 36 teo amin'ny lalao fiadian-toerana no voasotra ho ekipa faha-3 tamin'ity fifaninanana ity. Rakotomalala Herizo (FTM) kosa no voahosotra ho mpilalao mendrika indrindra.

***Rainilita***

Ligue des Champions Malagasy – D2 Nationale

# Ny Kfca Diana no tompon-daka 2023

Ny ekipan'ny Kfca Diana no voahosotra ho tompondaka sokajy D2 Nationale 2023, rehefa nandresy ny Fc Jim Androy tamin'ny isa 2-1, tamin'ny andro fahatelon'ny dingana « Poule des As » tamin'ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des Champions Malagasy – D2 Nationale 2023 », notontosaina tao amin'ny kianja « Barikadimy Stadium Toamasina », tamin'ny alahady 8 oktobra 2023 teo. Lelavola 6.000.000 Ar no azon-dry zareo tamin'izany. Ny ekipan'ny Fc Inate Vakinankaratra nampiondrika ny 3Fb Alaotra Mangoro tamin'ny isa 4– 1 kosa tamin'io andro faha-3 ny fifaninanana io no nitana ny laharana faharoa, ka hiaraka aminy any amin'ny fifaninanana «Orange Pro League » amin'ny taom-pilalaovana manaraka, hisolo an'ireo ekipa roa voatery hidina amin'ny sokajy D-2 amin'io taom-pilalaovana ho avy io.

***Rainilita***



*Ny Kfca Diana nandray ny amboara.*

Federasiona Malagasy Volleyball

# Manatanteraka fitsidiham-paritra

Manatanteraka fitsidihamparitra ankehitriny ny FMVB « Federation Malagasy de Volleyball » vaovao, tarihan-dRamatoa Raharimalala Léa, ka tany Miarinarivo izy ireo tamin'ny herinandro lasa teo, nanao dinik'asa niarahana tamin'ireo tompon'andraikitry ny Ligy vaovao any an-toerana. Nisy ihany koa fampahafantarana an'ireo sori-dalana itondran'ny Federasiona ny taranja volleyball mankany amin'ny fivoarana mandritra ny fe-potoana iasany, ka tafiditra amin'izany ohatra ny fanampiana mivantana ny Ligy, ny fanaraha-maso akaiky ny ezak'izy ireny sy ny fihainoana tsy tapaka azy ireo. Anisan'ny napetrak'ity Federasiona



*Ny fitsidihana tany Miarinarivo.*

vaovaon'ny taranja volleyball ity ny fomba fiasa vaovao eny anivon'ireo taninketsa dia ny tsy maintsy hianaran'ireo ankizy ny fomba fitsarana volleyball, izany hoe ankoatra ny maha mpilalao azy ireny dia sady « arbitre » ihany koa ny tsiraray. Vonona amin'ny fanamby hanandratana ny taranja volleyball ny Ligy ao Miarinarivo, izay manana toeram-pilalaovana telo raha ny fantatra, ka hisy amin'ity herinandro itsahana ity ny fampianarana ny taranja volleyball any an-toerana. Voaresaka nandritra izao fihaonana izao ireo karazampahasahiranana iombonana iainan'ny Ligy, ka anisan'ny lehibe amin'izany ny tsy fahampian'ny fitaovana kanefa dia nasehon'ireto mpitarika eto Miarinarivo ireto ny fanamby sy ny fahavononan'izy ireo. Fanamby izay nankasitrahan'ny Filohan'ny Féderasiona tokoa, ka namporisihany tanteraka azy ireo. Vaovao hafa nampitaina tany Miarinarivo ny hisian'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy U 23, izay hatao amin'ny zoma 27 oktobra ka hatramin'ny sabotsy 4 novambra amin'ity taona ity.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Atiken'omby saosy tongolo indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny soflera (choux fleurs)

Ny soa azo avy amin'ny soflera (choux fleurs) indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Nalaza ny resaka soflera teto amintsika nanomboka ny herinandro lasa teo. Maro ny tombontsoa azo avy aminy ho an'ny vatan'olombelona. Ireo singa hita ao aminy: Be fibre, misy vitamina B1,2,3,5,6,9 ; vitamina C ; vitamine E ; vitamine K1; Potassium; Calcium; Magnésium.

- Ireo zava-tsoa azo avy aminy:
- Manala fanaintainana.
- Miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Tsara ho an'ny lalandrà ao amin'ny fo.
- Miaro amin'ny AVC.
- Mampihena tosi-drà.
- Mampidina tahan'ny siramamy ao amin'ny rà.
- Manala tavy.
- Miaro amin'ny homamiadana.



- Manampy amin'ny fandevonan-kanina, azon'ny marary vavony hanina.
- Manampy ny fitadidiana.
- Manamafy ny taolana.
- Mampikoriana tsara ny rà ao amin'ny lalan-drà.

Atao laoka, hanamboarana pizza, atao lasopy, atao mofo.

Tokony tsy hihoatra ny 15 min no mahandro azy, fa manjary very ireo vitamina ao aminy ireo raha masaka loatra.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Betampona distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Betampona distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Betampona ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi.



Diaspora any Frantsa, Etazonia, Belgique

# Manameloka ny hetraketraky ny mpitandro filaminana sasany

Manoloana ny herisetra sy didy jadona, ataon'ny mpitondra amin'izao fotoana, miatrika ny hetsika am-pilaminana ataon'ny vondron'ny kandidà miisa 11, nisy ny fanambarana nataon'ireo diaspora Malagasy any Frantsa, Etazonia ary Belgique :
''Izahay olon-tsotra – Diaspora mijoro eto amin' ny Place de la Bastille, Times Square, ary tao Bruxelles androany sabotsy 7 oktobra 2023, dia mitondra fankaherezana ho an'ireo naratra nanomboka tamin'ny Alatsinainy lasa teo, noho ny hetraketraky ny mpitandro filaminana, ary miombom-po amin'ireo voasambotra tsy amin'ny antony noho ny fanamparam-pahefana mihoa-pampana ataon'ny mpitondra. Melohinay ankitsirano ny fihetsika tsy voatandrina, ny fanafihana sy ny fanenjehana ireo mpanao hetsika ampilaminana mitaky ny zony, sy ny fampiharana ny lalàna izay hitsakitsahin'ny Fitondrana Ntsay Christian, izay fitondrana tsy ao anatin'ny Lalamparorenana akory. Tohananay tanteraka ny fitakian'ny Fiombonan'ireo Kandida 11 , dia ny : - Hanovana ny rafitry ny HCC ho CES - Hanadiovana sy hanoloana ny rafitry ny CENI - Hanadiovana tanteraka ny lisi-pifidianana. - Fialan'i Ntsay Christian sy ny ekipany ary fandravana ny fitondrana fiarahamitantana. Takianay ny hampiharana ny lalàna amin'i Andry Rajoelina, sy ireo nampandika lalàna na sivily na miaramila. Vonona izahay ny hametraka ny « veille Republicaine» izany hoe : andrimaso atao amin'ireo mpitondra mieritreritra ny ho afa-maina ka hitsoaka aty ivelany Madagasikara hialokaloka.''

***Nangonin'Isambilo***

Distrikan'i Morondava

# Maro ireo mitaraina fa tsy ao anaty lisi-pifidianana

Maro ireo mitaraina fa tsy ao anaty lisi-pifidianana any amin'ny distrikan'i Morondava faritra Menabe , amin'ny fifidianana hatao eto amintsika amin 'ity taona ity.
Manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra, ireo mponina feno 18 taoana miakatra, ao amin'ny distrikan'i Morondava, fa maro ireo tsy tafiditra anatin'ny lisitry ny mpifidy, milaza izy ireo fa goragora tanteraka ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy, satria raha ny zava-misy hoy izy ireo, tokony hiakatra ny isan'ny mpifidy nohon'ny nanaovana hetsika fanaovana karatra faobe iny, fa toa vao mainka nihena ka manontany tena izy ireo hoe: natao aiza ny anaranay izay noraisinareo toa tsy hita anatin'ny lisitra, satria raha ny zava-misy ao amin'ny fokontany iray ao Marofandilia fotsiny no jerena dia karne miisa 120, no fenon'ireo mpanangona lisitra dia ny mahagaga fa olona 700 ihany no voasoratra ao anatin'ny lisitra raha tokony ho 6 000. Manoloana izany dia efa nitaraina tamin'ny tompon'andraikitry ny Ceni aty amin'ny faritra ireo solontenan'ny mponina verezin-jo ireto dia nilaza ireo tompon'andraikitra hoe: ndao fa hijerena vahaolana , hatramin'izao fotoana fizarana ny karatry ny mpifidy izao anefa dia tsy misy vahaolana ny lisitra, sady efa tsy azo kitihana intsony, ka tsy hay hoe inona ny vahaolana aroson'ny CENI ? Tsara ho marihina fa tsy nisy na dia iray aza fokontany nanao peta-drindrina ny lisitry ny mpifidy, satria tsy nahazo afisy atao petadrindrina avy amin'ny foibe izy ireo raha nanaovana fanadihadiana. Koa mangataka ny hampidirana azy amin'ny lisitra ireo mponina, satria tapakevitra sy vonona haneho ny safidiny izy ireo. Ny any amponja ary hoy izy ireo mbola mitady hifidy raha ny vaovao azo koa zahay no ho verezin-jo.



*Lisitra sy kara-pifidianana any Morondava.*

Raha nanao fanadihadiana tamin'ireo mpanao politika kosa dia milaza mazava ireo mpanao politika, fa misy dikany io, mba hanamboarana ny vokatra ato Menabe, satria ny kandinda Andry Rajoelina dia resin'ny Filoha Marc Ravalomanana nanerana ny faritra Menabe, ka izao no fomba hitany hanamboarana ny vokatry ny fififdianana: ahena ny mpifidy satria efa fantany fa ho resy izy ato Menabe noho ireo fampanantenana maro tsy misy tanteraka ato Menabe: toy ny fanarenana ny orinasa Sucoma tsy vita, sy ny toha-dranon'ny Dabaraha, hany ka na ireo foto-drafitrasa zara fa vita aza tsy sahiny notokanana aty Menabe, fa dia tsy hay hoe andrasana hirodana ho azy toy ilay tranoben'ny serasera sy kolontsaina koa angamba hoy ny maro aty an-drenivohitr'i Menabe.

***Rajepa***

Faritra Menabe

# Manao ny ataony ny dahalo, tsy ampy ny mpitandro filaminana

Tato ato zay dia miha- mahazo vahana ny tsy fandriampahalemana ato amin'ny faritra Menabe, satria dia saika isan'andro no ahenoana trangana tsy fandriampahalemana manerana ny faritra Menabe. Distrika iray amin'ireo distrika dimy mandrafitra ny faritra ihany no voafehy sy ahitam-bokatra dia ny distrikan'i Miandrivazo izany, fa ireo distrika efatra kosa dia raha tsy misy halatr'omby dia fakana an-keriny na fangalarana ireo olona varira. Tao anatin'ny herinandro lasa izay fotsiny dia omby aman-jatony no lasan'ireo dahalo ary olona 3 nisy naka an-keriny, ny iray no efa navototsotr'ireo naka an-keriny azy rehefa nadoa vola 20 tapitrisa ariary



*Dahalo lavo tany Menabe.*

ny fianakaviana, raha mbola tsy hita kosa ireo olona mpivady roa sy zaza varira roa, izay samy nisy naka an-keriny. Tao amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina sy Mahabo no nitrangan'ireo fakana an-keriny ireo ; ny halatr'omby kosa dia saika isaky ny distrika no nahitana izany, ka tao anatin'io fotoana io ihany dia mpitandro filaminana roa no voatifitr'ireo dahalo, ka namoy ny ainy, lasan'ireo dahalo ny basin'ity Maramila miasa ao amin'ny toby 509 ao Mahabo lavo teo ampiadiana ity , maro ireo naratra voatafika raha dahalo 6 kosa no maty tanatin'ny fifandonana tamin'ny mpanara-dia, izay tsara ho marihina fa ny ankamaroan'ireo mpanara-dia mivering-dalana mitsoaka rehefa mifanandrina amin'ireo dahalo, satria maro ireo dahalo sady mampiasa fitaovam-piadina mahery vaika, eny fa na dia ireo mpitandro filaminana aza dia mitsoaka tratran'ny be noho vitsy. Koa manao antso avo amin'ny mpitondra fanjakana ny vahoakan'i Menabe ny mba hijerena azy ireo, satria mandry tsy lavo loha ny mponina noho ny tsy fahampian'ny mpitandro filaminana sy ny fitaovana izay ampiasain'izy ireo. Mahatsiaro atao zanak'Ikalahafa koa ny vahoakan'i Menabe, satria raha ny zava-misy ao an-drenivohitra dia maro tokoa ireo mpitandro filaminana sady ampy fitaovana, fa toa ataon'ny mpitondra ho hery famoretana ho an'ireo vahoaka ao Antananarivo daholo, koa miangavy izy ireo sady miantso hoe : aleo mba hamparitaka hiady amin'ny dahalo aty Menabe ireo mpitandro filaminana sy fitaovana ireo fa tsy olona maneho hevitra ireo no hanaovana antsonjay.

***Rajepa***

Groupe « Mahafaly mihisa »

# Manandratra ny « Tsikidona »



*Mpandihy Tsikidona.*

Mahafaly, anaran'ny foko iray any atsimon'ny Nosy, mihisa, adika tsotra amin'ny hoe : misôma na milalao. Ny taona 2012 no niorina ny tarika, tany Betioky. Ny fivoizana sy ny fampahanfatrana ary ny fanandratana avo tsy eto Dago ihany fa hatrany Dilambato ny « Tsikidona », iray amin'ireo mandrafitra ny tsapiky nentim-paharazana avy any atsimo no antom-pisianay, hoy ny Manager ny tarika : Voniandro Marcel.
Ny « Tsikidona » izay manetsika ny tapany ambonin'ny rantsambatana rehefa miangaly azy amin'ny dihy. Tsy misaraka amin'ny fanaovana ny « Tsikidona » ihany koa ny taovolo « Talidogo », sy ny fisalorana ny lamba « Mandiavola » ary ny fampiasana ny « mandoline ». Marihana fa ny «Tsikidona » dia fanao amin'ny havoria (Fombafomba atao rehefa misy nodimandry), sy ireo lanonana amin'ny endriny marolafy toy ny savatse, bilo, sns… any amin'ny tapany atsimon'ny Nosy iny. Mirakitra hafatra mafonja tarafina avy amin'ireo trangam-piainana tetsy sy teroa sahaza ny isam-batan'olona ireo tononkiran'ny Groupe « Mahafaly mihisa ». Raha fintinina, ny hampahafantatra ny soatoavina sy ny kolontsaina mampiavaka ny « Mahafaly » no hijoroan'ny tarika. Tsy mijanona hatreo anefa, fa niteraka famoronana asa ho an'ireo tanora manan-talenta amin'ny hira, mozika ary dihy any an-toerana ihany koa ny nijoroany. Marihana fa mahafehy ary milalao gadona hafa toy ny « salegy », « slow », sns… ihany koa ny tarika. Ampahany amin'ireo hira efa nahafantarana ny Groupe « Mahafaly mihisa » ny « Mazava atinanana », « Tsikidona », « ambony tanana ». Tsy mitsahatra mikaroka ho amin'ny fanatsarana ny « tsikidona » ihany koa ireo mpikambana, amin'ny alalan'ny fampiarahana ny «Tsikidona » amin'ny gadona hafa toy ny « salegy ». Maro amin'ireo faritra eto Madagasikara no efa nankafy ny seho natolotry ny « Mahafaly mihisa ». Anisan'ireny ny tany Mahajanga vao ny faran'ny herinandro dila teo iny. Fahombiazana avokoa izy ireny.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Road To Basketball » Division Est- Groupe E

# Tafita amin'ny dingana manaraka ny Cospn

Tafita amin'ny dingana manaraka ny Cospn Madagascar rehefa tafavoaka ho mpandresy, nanoloana ny ekipan'ny « Beau Vallon Heat de Seychelles », sy ny « Ushindzi Club des Comores », tamin'ny fifaninanana « Road To Basketball » notontosaina nandritra ny telo andro (zoma 6 sy sabotsy 7 ary alahady 8 oktobra 2023) tetsy amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina. Voka-dalao rehetra azo : Ushindzi 52 # 87 COSPN, Beau Vallon Heat 82 # 60 Ushindzi, COSPN 76 # 57 Beau Vallon Heat. Nisy ihany koa ny fanasan'ny Cospn ekipa U12 miisa 8 lahy sy vavy sokajy 12 nandray anjara tamin'ny kilalao natokana ho azy ireo nandritra an'io « Roadi to Bal » io, ka nanolorana amboara an'ireo nandresy. Teo amin'ny sokajy U12 Zazavavy dia norombahin'ny Fandrefiala ny amboara rehefa nandresy an'ny MB2ALL teo amin'ny lalao famaranana izy ireo. Teo amin'ny sokajy U12 Zazalahy kosa dia nivoaka ho mpandresy ny ASSM rehefa nandavo an'ny JCBA teo amin'ny lalao famaranana ihany koa.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Cospn Oktobra 2023.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**07/10/2023 hatramin'ny 14/10/2023**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 78 355 09 / 034 34 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51 / 034 89 056 09 / 020 85 255 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1481-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Tsy avela hivily mankany amin'ny fahapotehana ny firenena

"Ny fahamarinana no manandratra ny firenena" (Ohab. 14:34), ary "ny tsy marina tsy mba mahalala henatra"(Zefania 3:5). Teny ao anaty Soratra Masina na ny Baiboly ireo, izay itarafana ny zava-misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Raha manana fikasana marina hanandratra ity firenena ity dia tsy maintsy mampanjaka ny fahamarinana ary mila sarotiny amin'izany tokoa. Aiza ho aiza anefa no zava-misy? Tsy misy adihevitra fa manjaka ny tsy fahamarinana, hany ka lasa iainana andavanandro ny fahalovana amin'ny endriny samihafa. Tsy mitoetra intsony ny fanajàna ny rariny sy hitsiny, fa leson-dratsy no aseho anivon'ny fiaraha-monina. Iniana ikimpiana ny lalàna tokony ampiharina, fa zary mieboebo ny tsimatimanota. Maneho fahapotehan'ny firenena ankehitriny izany toe-javatra izany. Mbola manamafy izany aza ny fanafihana sy herisetran-jiolahy sy dahalo amin'ny mponina, an-tanàn-dehibe na ambanivohitra, izay mirongatra sy feno habibiana. Tsy misy intsony ny fanomezan-kasina ny aina ao anatin'izany. Loza tsy mitatao fa efa tena mihàtra izany. Hatreto anefa tsy ahitana fomba fiasa sy vahaolana matotra amin'izany ireo tomponandraikitra natao hisahana izany. Amin'ny tranga ara-politika indray izy no mikofokofoka mandany hery, fa amin'ny ilàna sy andrasan'ny vahoaka aminy toa tsy hita mazava.

Izay indrindra no nahatonga ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) hikaroka vahaolana momba izany manjo ny firenena izany, firenena izay tsy avela fotsiny amin'izao ny hahapotika azy. Tsy afaka hitazam-potsiny izy, fa mitondra anjara biriky lehibe ho an'ny tanindrazana, ary mahatsiaro ho tompon'andraikitra. Ny anisan'ny voiziny, dia hamerina indray ny fanomezan-danja ny olona tsirairay, fa manan-kasina izy ary koa manana talenta. Ny fiarahamonina tiany hapetraka ihany koa dia fiarahamonina tsy mifamaky vava, tsy mifanambaka, tsy mifamono, tsy mifampitsentsitra, fa mifanohana sy mifamelona. Rehefa voatsinjo marina amin'ny rariny sy hitsiny ny tsirairay dia mamerina ho amin'ny filaminan'ny firenena izany. Rehefa milamina ny firenena dia mandroso. Te hanavotra ny firenena ny AFK, ka mitaona ny olom-pirenena hiara-hientana aminy amin'izany adidy masina amin'ny firenena izany. Tsiahivina, tsy fiangonana ny AFK ary tsy manao politika. Fifandraisana : 0341746053.

***Aris***

Trangal

# Vola sandoka 800.000 Ariary sarona

Nahazo loharanom-baovao ny avy eo anivon'ny zandarimiaria Miandrivazo faritra Menabe, fa misy vola sandoka miparitaka tao amin'ny distrikan'i Miandrivazo sy distrikan'i Mandoto nandritra ny andro vitsivitsy. Nihetsika ny zandary miasa ao amin'ny vondrontobimparitra Miandrivazo, ka nanao ny fikarohana sy fanadihadiana. Tratran'ireo zandary nanao fisafoana tao amin'ny fokontany Ankiranomena kaominina Dabolava nanakalo vola sandoka, tamin'ny mpivarotra ny olona roa lahy samy monina ao amin'ny fokontany Ambohimena kaominina ary distrikan'i Mandoto faritra Vakinankaratra. Rehefa nosavaina izy ireo dia nahatratrarana vola 800.000 ariary sandoka ary 200.000 ariary kosa vola efa vita takalo. Marihina fa roa alina tokana avokoa ireo vola sandoka ireo ary efa betsaka ny olona voafitak'izy ireo toy ny mpivarotra vary, hotely, mpivarotra entana ary ireo tantsaha mpivarotra vokatra ihany koa. Mandeha bisikileta ny fanaon'izy ireo ka mitety tanàna avy any amin'ny distrikan'i Mandoto mihazo ny distrikan'i Miandrivazo. Nosamborina izy ireo ary atao fanadihadiana alohan'ny hanolorana azy eo anatrehan'ny fitsarana. Mitohy kosa ny fikarohana ataon'ireo zandary maro tarihan'ny komandà, komandin'ny vondron-tobim-paritra, miaraka amin'ny lietnà lefiny, manadihady sy mijery ireo rehetra tafiditra ao anatin'io tambazotra ratsy io, sy hahafantarana izay adi-doha miketrika izao fanaovana vola sandoka izao.

***Rajepa***




***Vola sandoka sarona tany Miandrivazo.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 446**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0445)

***Mitsivalana***
- Rahavavy
- Ireny
- Vinavina
- Osa – Tany (miv)
- TV – Ony (miv)
- Rerak(a) – TD
- Atao – Toy

***Mitsangana***
- Rivotra
- Sira (miv) – Te (miv)
- Henatra
- Ana – Vao
- Vivy
- Iny
- Vinanto
- Atody

### TENY MIFANAPAKA N° 446




**Mitsivalana**

**1.** Fanomezana an-tsitrapo **2.** Tsirin-teny Iharana – Solfa **3.** Lalao farany ahitana izay tompondaka **4.** Mpimasy – Efatra Romana **5.** Bibkely – Lio – Tsy sahy intsony **6.** Atao milahatra tsara – Kilaometatra **7.** Tendron'ny fandrefesana - Miaraka amin'ny atsy **8.** Fotoana – Taova **9.** Niasa – Fitsaboana **10.** Mari-bola – Natsahatra (miv)

**Mitsangana**

**A.** Sampana ao amin'ny finoana **B.** Hazandrano **D.** Nanatsara ny simba **E.** Milaza fanananana – Karazana mofo (BR) **F.** Tsy salama – Toerana **G.** Raharaha ataonao **H.** Hita eo amin'ny lakroa (miv) – Fiandohan'ny aretina – Marina (miv) **I.** Aiza – Matoanteny (miv) **J.** Nisondrotra ambony **K.** Misokatra (miv) – Tampisaka (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0445

**Mitsivalana**

**1.** Fanorenana **2.** Iva – Enina **3.** Rina – Toy (miv) **4.** Naoty – Foza **5.** Ro – Sakay **6.** Roa – (S)aina **7.** Antitra – SG **8.** Niala – Ota **9.** Navela **10.** Ovay – Monja

**Mitsangana**

**A** Fianaranao **B.** Avia – Ony **D.** Nanoratana **E.** Ato – Ilay **F.** Re – Vata (miv) **G.** Eny – Sir(a) **H.** Niofana – Lo **I.** Antoka – Nao (miv) **J.** Na – Za(to) – ST **K.** Haingana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rajepa, Helisoa

**Nisy ny naratra nandritra ny hetsika nataon'ny mpomba ireo kandidà 11 ny sabotsy teo tany Toliara. Tonga nankahery ny naratra ny avy amin'ny TIM sy ny KMMR any Atsimo Andrefana.**









**Anisan'ny naratra noho ny lakrimozena nalefan'ny herim-pamoretan'ny fitondrana tamin'ny sabotsy teo teny Ankazomanga sy Antanimena ny kandidà filoha Marc Ravalomanana, nandritra ny hetsika am-pilaminan'ny vondron'ny kandidà 11.**





**Niainga omaly tolakandro hiatrika fitsaboana any ivelany ny Kandida Andry Raobelina, izay naratra nandritry ny diabe nataon'ireo Kandidà ny sabotsy teo. Tonga nanatitra azy teny Ivato ireo Kandidà 10, mivondrona anatin'ny collectifs des candidats miaraka aminy.**



